


Vokatra Ara-panahy

Efa tafaray amin’Andriamanitra aho ary efa tonga fanahy iray aminy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny fanompoam-pivavahana dia asa iraisantsika amin'ny Tompo ho fanahy iray. Izany no mahatonga ny fanompoam-pivavahana ho asa ambony indrindra ataon’ny olombelona. Ary koa, rehefa miray amin'ny Tompo amin'ny fanompoam-pivavahana isika, dia manomboka ateraka (na miteraka) izay zavatra tian'Andriamanitra havoaka.

Ny fanompoam-pivavahana dia tsy fanampin'ny fiainana Kristiana; tsy fanampiny kely amin'ny andraikitra izany. Io no faratampony. Izany no fanamafisana. Indray mandeha koa, raha ataoko toy izao izany ka tsy hanafintohina na iza na iza, dia ny fahatanterahan’ny fanambadianay amin’ny Tompo. Tafaray Aminy toy ny fanahy iray isika, ary rehefa manana izany firaisana ara-panambadiana izany isika dia ho an’ny fananahana mandrakariva. Amin’izay no hivoahan’ny vokatry ny fanahy eo amin’ny fiainantsika.

Mila fantarinao ny hoe iza ilay lehilahy miray aminao. Nanoratra i Paoly ao amin’ny Galatiana 5:19–21:

> “Fa miharihary ny asan'ny nofo, dia izao: Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny”

Miharihary loatra ny asan'ny nofo. Azonao atao ny milaza amin’ny olona fa ara-panahy ianao, fa raha tena araka ny nofo ianao, dia hiseho izany. Mamelà ahy hanontany anao izao: Tianao ve ny zanakareo hanao toy izay voalaza ao amin’ny andalan-teny ao amin’ny Galatiana? Satria izany no ateraky ny nofo. Tsy afaka mahita zavatra tsara iray ao anatin'io lisitra manontolo io ianao. Ny nofo dia tsy afaka mamokatra zavatra ankasitrahan’Andriamanitra. Fahalovana izany. Nilaza Jesosy fa ny hazo ratsy dia tsy afaka mamoa voa tsara (jereo ny Matio 7:18). Tsy azo atao izany.

Misaotra, Anao,Tompo ô, fa nampiray ahy Ianao. Manambara aho fa ny tanjoko dia ny miray

© 2008 - Dries Du Plessis

amin’Andriamanitra dia ny hamoa voa ara-panahy. Manambara aho fa miray amin’Andriamanitra aho ary tonga iray ao amin’ny fanahy miaraka Aminy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-188-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

